



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-100

Fandinihana sy Fandraisana Fanapahan-kevitra momba ny Volavolan-dalàna Laharana:

- FAHA-012/2020 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du PARN conclu entre la République de Madagascar et l'IDA-FINANCEMENT ADDITIONNEL»
- FAHA-015/2020 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du PAPD pour la riposte de Covid-19 conclu entre la République de Madagascar et l'IDA»

Fivoriana faha-14
Natao ny
Alatsinainy 30 Novambra 2020
- Hariva -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Andriamatoa isany:

- RASOLONJATOVO Honoré
- HENRI Jean Michel

FOTOANA: Alatsinainy 30 Novambra 2020 tamin'ny 5 ora sy 20 minitra, hariva.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana:

- faha-012/2020 tamin'ny 30 Septambra 2020 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet d'amélioration des résultats nutritionnels (PARN) conclu le 24 Juin 2020 entre la République de Madagascar et l'Association International de Développement (IDA)-Financement additionnel»
- faha-015/2020 tamin'ny 15 Oktobra 2020 ««autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Programme d'Appui des Politiques de Développement pour la riposte à la pandémie de Covid-19 à Madagascar conclu le 08 Septembre 2020 entre la République de Madagascar et l'Association International de Développement (IDA)»».

Nitohy ny Alatsinainy 30 Novambra 2020 tamin'ny 5 ora sy 20 minitra, hariva, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny Solombavambahoaka sy ny solotenan'ny Governemanta, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany Andriamatoa HENRI Jean Michel.

Rehefa avy nisaotra ny Mpitantsoratra tamin'ny nanatontosany izany, Ramatoa Filoha dia nanambara ny fandaharam-potoana, izay fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-012/2020 tamin'ny 30 Septambra 2020 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet d'amélioration des résultats nutritionnels (PARN) conclu le 24 Juin 2020 entre la République de Madagascar et l'Association International de Développement (IDA)-Financement additionnel» sy ny laharana faha-015/2020 tamin'ny 15 Oktobra 2020 ««autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Programme d'Appui des politiques de développement pour la riposte à la pandémie de Covid-19 à Madagascar conclu le 08 Septembre 2020 entre la République de Madagascar et l'Association International de Développement (IDA)»».

Taorian'izay, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera ny tenany, mba hamaky ny tatitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-012/2020.

Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alatsinainy faha-30 Novambra 2020 tamin'ny 10 ora sy sasany, maraina, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Teti-bola sy ny Vaomieran'ny Fahasalalamam-bahoaka nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-012/2020 tamin'ny 30 Septambra 2020 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet d'amélioration des résultats nutritionnels (PARN), conclu le 24 juin 2020 entre la République de Madagascar et l'Association internationale de Développement (IDA)-Financement additionnel*»

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola no nitarika ny fivoriana.

- Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy Tetibola tonga nanatrika ny fivoriana:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1- ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
- 2- RAFIDIMANANA Narson
- 3- RAZAKANDRAINY Henri Dominique
- 4- ANDRIANAMBININA Djohary Lee
- 5- ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot
- 6- RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa
- 7- TSARADIA Marco
- 8- RANDRIANASOLO Jean Nicolas
- 9- RASIDIMANANA

- Ireto kosa ireo mpikambana amin'ny Vaomieran'ny Fahasalalamam-bahoaka:

Andriamatoa isany:

- 1- RAJAABELINA Lova Herizo
- 2- RAZAKANDRAINY Dominique

- Ireto kosa ireo teknisiana avy amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola sy ny Minisiteran'ny Fahasalalamam-bahoaka tonga nisolotena ny Governemanta:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1- RANDRIANJANAKA Volatantely
- 2- RAKOTOVAO Alain Iarivony Mahery
- 3- RAKOTOHARINIVO Antsaniaina
- 4- BOTOMAROZA Patrick
- 5- RANDRIANARIVELO Bakoly
- 6- ANDRIANJAZA Tiana
- 7- RANDRIAMIANDRASOA Ranto Katuscia
- 8- RAKOTOVAO Ralambo Aina
- 9- RAJONSON Zaratiana F.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny ny teknisiana ny fitenenana, hanomezany fanazavana momba ity Volavolan-dalàna ity.

Nambarany fa mitentina 10 000 000 Dolara na 30 Miliara Ariary ny vola hindramina, ka toy izao no fepetra arahina amin'io findramam-bola io:

- 32 taona no fe-potoana hamerenana ny vola ka ny 6 taona voalohany dia tsy andoavana renivola;
- ny "Commission d'engagement" dia 0,50%;
- ny "Commission de service" kosa dia 0,75%;
- 31 Jolay 2023 ny daty fahataperan'ny tetikasa.

Nambarany koa fa misy "Composantes" efitra ny tetikasa PARN (Projet d'Amélioration des Résultats Nutritionnels) ka ny «composante» faha-4 dia tokony hisy 10 000 000 dolara izay natokana ho an'ny "intervention d'urgence". Noho ny valan'aretina "coronavirus" anefa dia nalaina tamin'ny "composantes 1-2-3" io vola io ka mila fenoina izany, izay no nahatonga ity findramam-bola ity. Araka ny Didim-panjakana nametraka ny hamehana ara-pahasalamana teto Madagasikara izay nivoaka ny volana Martsa 2020 taorian'ny fanambaran'ny OMS ny hamehana ara-pahasalamana iraisam-pirenena no nahafahana nampiasa io vola io hividianana fitaovana hiatrehana io valan'aretina io, toy ny fanafody naporitaka tany amin'ny hopitaly, "ambulance"...sns.

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fametrahan-panontaniana ny mpivory.

Fanontaniana:

1. Hazavao ny mikasika io vola hindramina io?
2. Iza no mitantana ny tetikasa?
3. Vola avy aiza no nividianana ny "motocyclettes" sy "réfrigérateurs"?
4. Mbola misy fitaovana hafa homena ny "CSB" ve?
5. Mahagaga ny valin'ny fanadihadiana momba ireo Faritra ahitana ny tsy fanjarian-tsakafo eto Madagasikara, misy ny Faritra mamokatra anefa tafiditra ao anatin'izany, inona ny fanazavana omenareo?
6. Ahoana ny "plafond d'endettement"?
7. Tafiditra ao anatin'ny tetikasa PARN ve ny fandrindram-piterahana?

Valiny:

1. Vola hamenoana ny tetikasa PARN io vola hindramina io, satria nakana 10 000 000 dolara ny "Composantes" 1-2-3, izay mitentina 90 000 000 dolara.
2. Ny Minisiteran'ny Fahasalalamam-bahoaka no mitantana ny 50 500 000 dolara amin'ny alalan'ny UCP (Unité de Coordination des Projets), ny 39 500 000 dolara dia ny ONN (Office National de Nutrition) no mitantana azy, ka tao amin'ny vola notantan'ny Minisitera no nakana ilay 10 000 000 dolara.
3. Ny vola tao anatin'ny "Composantes" 1-2-3 no nividianana ny "motocyclettes" sy "réfrigérateurs".
4. Mbola misy ny fitaovana homena ny "CSB" satria ilaina ny fanatsarana.
5. Ny ekipan'ny Banky iraisam-pirenena no nanao ny fanadihadiana momban'ny tsy fanjarian-tsakafo tamin'ny taona 2017, ka ny zaza latsaky ny dimy taona no nanaovana izany. Faritra fito no voalaza fa voakasik'izany (Matsiatra Ambony, Amoron'i Mania, Itasy, Bongolava, Alaotra Mangoro, Vakinakaratra, Analamanga).

Ny Faritra mamokatra tafiditra ao anatin'io dia natao ho an'ny varotra entina hitadiavam-bola ny ankamaroan'ny vokatra fa tsy natao ho sakafo avokoa, misy ihany koa ny famatsiam-bola hafa any amin'ny Faritra tsy voakasiky ny tetikasa PARN toy ny "Filet de Sécurité Sociale" na FSS any Atsimo sy ny famatsiam-bola avy amin'ny USAID ACCESS any amin'ny Faritra Vatovavy Fitovinany.

6. Momba ny "plafond d'endettement" dia manana "marge" tsara isika raha oharina amin'ny ankamaroan'ny firenena Afrikana.
7. Tsy tafiditra ao anatin'ny tetikasa PARN ny fandrindram-piterahana.

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fankatoavana ny Volavolan-dalàna ny mpivory.

Araka ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia naato 30 minitra ny fivoriana noho ny tsy fahampian'ny fetrisa ahazoana manapakevitra.

Taorian'izany dia nankatoavin'ny mpivory ny Volavolan-dalàna laharana faha-012/2020 tamin'ny 30 septambra 2020 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet d'amélioration des résultats nutritionnels (PARN), conclu le 24 juin 2020 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)-Financement additionnel*».

Nifarana tamin'ny 12 ora, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra ny Mpampakateny tamin'ny famakiany ny tatitra, Ramatoa Filoha dia nanambara raha misy manana fanamarihana na fanitsiana mikasika izany. Tsy nisy nanana fanamarihana sy fanitsiana ny tatitra ny Solombavambahoaka.

Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola no nitondra fanamarihana momba ny vola 10 000 000 Dolara. Tsara raha ampiana hoe: 10 000 000 Dolara Amerikana, mba hampazava azy kokoa.

Nanontany ny Mpampakateny koa Ramatoa Filoha, taorian'izay, ao amin'ny pejy faharoa hoe: 32 taona no fe-potoana hamerenana ny vola. Ohatran'ny 20 taona no voalazanao teo raha tsy diso aho.

Namaly, Andriamatoa Mpampakateny, fa 32 taona no marina amin'io fe-potoana io.

Taorian'izay, nomena fitenenana ny solotenan'ny Governemanta mba hitondra fanazavana fohy momba ny volavolan-dalàna izay hankatoavina.

Mbola Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola hatrany no nitondra fanazavana mikasika ny volavolan-dalàna, ka nambarany fa "autorisation de ratification" no hatao eto. Vola azo tamin'ny Banky Iraisam-pirenena tamin'ny alalan'ny IDA ity vola ity.

Fantatra ny zava-misy amin'ny resaka fahasalamam-bahoaka sy ny zava-mitranga eto amintsika ho an'ireo Faritra voakasik'ity tetikasa ity.

Araka ny voalaza eto, ahitana “composantes” miisa 4 ny tetikasa PARN. Ampahatsiahivina fa “malnutrition chronique” no resahana eto. Ho antsika izay mahalala ny zava-misy any amin’ny Faritra Vakinankaratra, Bongolava, Itasy, Matsiatra Ambony, Amoron’i Mania, Alaotra Mangoro. Raha ireo Faritra ireo no jerena, toerana saika mamokatra daholo kanefa mahonena ny toe-javatra iaian’ny olona satria araka ny antontanisa navoakan’ny Banky Iraisam-pirenena tamin’ny taona 2017, efa manana izany koa ny ONN ambany ny tahan’ny fanjarian-tsakafo. Noho izany, tsy afaka ny hipetra-potsiny isika.

Raha ny ezaka ataon’ny Filohampirenena, izay ahafahana miroso hatrany no katsahiny mba hitsinjovana ny zaza sy ny reny hialana amin’izay tsy fanjarian-tsakafo maharitra izay.

Lafiny roa no hita ato amin’ny volavolan-dalàna; ny vola azo aloha dia “10 000 000 USD”; marihana fa fanomezana io. Misy ihany koa ny fandraisantsika anjara araka ny fomba fanao. Izany hoe, misy fanomezana, ao koa ny vola indramina. Araka ny fanazavana teo, io vola “10 000 000 USD” io dia “cessionnel” feno tanteraka, mba tsy ilazana fa kely ny zanabola alain’ny Banky Iraisam-pirenena. Tapaka koa fa 32 taona no hamerenana azy tsikelikely. Ao anatin’izay, hisy 6 taona tsy handoavana renivola.

Tao anatin’ny nanaovana ity volavolan-dalàna ity, tsapa fa haingam-piasa koa isika ka izay no nahazoana ny fankatoavana satria tamin’ny faha-24 Jona 2020 teo isika no nanao ny “conclusion” momba azy ity. Talohan’izay anefa, nandeha tany ivelany ny tenako nifampiresaka amin’ny zavatra tokony hatao hiatrehana ny zava-misy eto amintsika. Mazava ho azy, fa tsy tafiditra tamin’ny fivoriana ara-potoana voalohany izany. Nanontany ny Banky Iraisam-pirenena hoe aiza ho aiza isika satria ho tapitra ny taona. Nisy ny fandaminana natao momba ny tetikasa PARN, ka afaka miroso isika.

Midika izany, fa amin’ny alalan’ity vola azo ity, ho afaka hikarakara ny zaza amam-behivavy isika amin’ireo Faritra voatanisa ireo, mba ahafahana manatsara ny lafiny ara-pahasalamana sy ny tsy fanjarian-tsakafo.

Izay no azo lazaina raha ny findramam-bola nataontsika no asiana fanazavana fohy.

Nisaotra an’Andriamatoa Minisitra tamin’ny fanazavana nentiny, Ramatoa Filoha, taorian’izay.

Rehefa izany, nambarany fa hiroso amin’ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka niangaviany hanangan-tànana izay handray fitenenana mba handraisana ny anarany.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, nangataka mba tsy hatao lava intsony ny adihevitra satria mbola maro ny asam-baomiera hatrehina, ka aleo handray fanapahan-kevitra avy hatrany.

Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine kosa nangataka fanazavana mikasika ny «composantes» 4 ao anatin’ity tetikasa PARN ity.

Hindramina ny vola “10 000 000 USD” ka ny vola sisa manao ahoana.

Ny vokatra avy amin'ity tetikasa ity ve no andrasana sa ny fahampiana ara-tsakafo mihitsy no hohatsaraina.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narinandrasana dia nilaza fa ankasitrahana ny handaniana ny volavolan-dalàna saingy mampahatsiahy fa izy no nanao “thèse de doctorat” momba ny SEECALINE voalohany teto Antananarivo. Manarak'izay, amin'ny toerana misy sakafo, mbola mipetraka hatrany ny tsy fanjarian-tsakafo. Sao ny “programme approche” mihitsy no mila ovain'ny ONN satria ny mpiasa amin'izao fotoana izao dia mihasahirana tokoa. Izany hoe, tsy voaloha ny tambin-karama no mitombo ny asa atao. Tafiditra ao anatin'izay ny resaka “préventives” rehetra. Ny dikany, ny tantsaha no nalaina nanao ny asa, avy eo tsy afaka niverina nanao ny asa fivelomany intsony satria voatery nameno antontan-taratasy fotsiny. Maharesy lahatra ve ny vokatra azo satria nisy tamin'ireo toerana ireo, efa nanaovana asa 15 taona lasa tany aloha kanefa tsy mbola mipetraka ny fanjarian-tsakafo hatramin'izao.

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Filoha ny mpikambana avy amin'ny Governemanta ny fitenenana, hamaliany ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka.

Andriamatoa RAKOTOVAO Hanitrana Jean Louis, Ministry ny Fahasalalamam-bahoaka no nandray ny fitenenana voalohany. Valim-panontaniana momba ny “composantes” miisa 4 no nanombohany ny fitenenana. Nambarany fa ny “composante” voalohany dia mikasika ny fampiakarana ny fampiasana ny “paquet d'intervention” sy fanatsarana ny “centre de reproduction de santé de nutrition de la mère et de l'enfant”.

Ny faharoa indray, fanatsarana ny «comportement nutritionnel» izay ahafahana manatsara ny fahatarana eo amin'ny fitomboana.

Ny tsy fanjarian-tsakafo maharitra dia mitodika manokana amin'ny «retard de croissance». Izany hoe, fahatarana eo amin'ny fitomboana sy ara-tsaina. Tsy maintsy raisina an-tànana ireo satria misy fiantraikany amin'ny zaza sy ara-toekarena.

Ny “composante” fahatelo kosa mikasika ny valiny amin'ny fotoanan'ny “crise en cas d'urgence illisible”.

Ny «composante» fahaefatra indray, mikasika ny «Covid-19» mazava ho azy.

Manarak'izay, efa ela ity ady ity kanefa mbola misy hatrany ankehitriny; miombon-kevitra amin'ny tokony hijerena an'izay lafiny izay izahay. Eo anatrehan'izay, hisy ny fanaraha-maso hapetraka; hisy koa fanitsiana hatao ary vonona amin'izany ny Governemanta sy izahay. Voaray ny sosokevitra avy taminao Andriamatoa Solombavambahoaka sady mpitsabo rahateo, ka hojerena izay.

Nanampy valin-teny Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Ministry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ary nilaza fa fanomezana io vola “80 000 000 USD” io. Tamin'ny taona 2017 no nametrahana azy. Midika izay, fa misy fitohizan-draharaham-panjakana, fa tsy hoe atao amin'izao fotsiny. Findramam-bola mitentina “10 000 000 USD” no ataontsika amin'izao fotoana izao, ka iatrehana ny “situation d'urgence” navelan'ny “Covid-19” izy io. Fanampiny ambony io vola voalaza eo ambony io, izay no mahatonga azy hoe: “90 000 000 USD”.

Izay koa no maha “intervention d’urgence” azy. Izany hoe, hita ao amin’ny “composante 4” io. Lasa laharam-pahamehana izany, ka isaorantsika ny mpikarakara azy satria niroso tamin’ny fanatsarana ny resaka “malnutrition chronique” araka ny voalaza teo.

Taorian’izay, nisaotra an’ireo Minisitry mirahalaha mpikambana ao amin’ny Governemanta, Ramatoa Filoha, tamin’ny famaliana ny fanontaniana nataon’izy ireo.

Rehefa izay, nambarany fa hiroso amin’ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-012/2020 ny mpivory.

Nomarihany fa ahitana andininy miisa roa ity volavolan-dalàna ity. Nohamafisiny fa araka ny voalazan’ny andininy faha-158 ao amin’ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, amin’ny fifanarahana iraisam-pirenena toy izao dia tsy azo kitihana ny andininy ao amin’ny volavolan-dalàna fa na laniana na tsipahana na ahemotra ny fandaniana azy.

Nambarany fa andininy faha-90 ao amin’ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin’ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 34 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny; tsy nisy nilaza fanemorana.

Taorian’izay, nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-012/2020 tamin’ny 30 Septambra 2020 «*autorisant la ratification de l’accord de prêt relatif au financement du projet d’amélioration des résultats nutritionnels (PARN) conclu le 24 Juin 2020 entre la République de Madagascar et l’Association International de Développement (IDA)-Financement additionnel*».

Rehefa nomena fitenenana ny solotenan’ny Governemanta, taorian’ny fahalanian’ny volavolan-dalàna; fisaorana ny Antenimierampirenena no nataon’Andriamatoa RAKOTOVAO Hanitrana Jean Louis, Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka satria notsindriany fa hisy fiantraikany mivantana amin’ny sosialim-bahoaka ny fahalanian’ity volavolan-dalàna ity.

Taorian’izay, niroso tamin’ny fandinihana ny volavolan-dalàna manaraka ny mpivory.

Rehefa izany, niangavy ny Mpampakatenin’ny Vaomiera, Ramatoa Filoha, hamaky ny tatitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-015/2020.

Mbola Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson hatrany no namaky izany, ka toy izao izany:

Nivory ny Alatsinainy faha-30 Novambra 2020 tamin’ny 12 ora atoandro ny Vaomieran’ny Fitantanam-bola sy Tetibola sy ny Vaomieran’ny Fahasalamam-bahoaka nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-015/2020 tamin’ny 15 Oktobra 2020 «*autorisant la ratification de l’accord de prêt relatif au financement du Programme d’Appui des politiques de développement pour la riposte à la pandémie de Covid-19 à Madagascar, conclu le 08 septembre 2020 entre la République de Madagascar et l’Association Internationale pour le Développement (IDA)*».

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy Tetibola, no nitarika ny fivoriana.

- Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy Tetibola tonga nanatrika ny fivoriana:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
2. RAFIDIMANANA Narsion
3. RAZAKANDRAINNY Henri Dominique
4. ANDRIANAMBININA Djohary Lee
5. ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot
6. RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa
7. TSARADIA Marco
8. RANDRIANASOLO Jean Nicolas
9. RASIDIMANANA

- Ireto kosa ireo mpikambana amin'ny Vaomieran'ny Fahasalalamam-bahoaka:

Andriamatoa isany:

1. RAJAABELINA Lova Herizo
2. RAZAKANDRAINNY Dominique

- Ireto kosa ireo teknisiana avy amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola sy ny Minisiteran'ny Fahasalalamam-bahoaka tonga nisolotena ny Governemanta:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. RANDRIANJANAKA Volatantely
2. RAKOTOVAO Alain Iarivony Mahery
3. RAKOTOHARINIVO Antsaniaina
4. BOTOMAROZA Patrick
5. RANDRIANARIVELO Bakoly
6. ANDRIANJAZA Tiana
7. RANDRIAMIANDRASOA Ranto Katuscia
8. RAKOTOVAO Ralambo Aina
9. RAJONSON Zaratiana F.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny ny teknisiana avy hatrany ny fitenenana hanazavany mikasika ny Volavolan-dalàna.

Nambaran'ny teknisiana fa ity volavolan-dalàna ity dia findramam-bola mitentina 75 000 000 Dolara Amerikana izay haverina anatin'ny 38 taona ka ny 6 taona voalohany dia tsy andoavana renivola.

Ny "commission d'engagement" isan-taona dia 0,50% amin'ny renivola tsy mbola voaray ary ny "commission de service" kosa dia 0,75% isan-taona amin'ny vola navoaka sy tsy mbola voaverina. Ny daty fiafaran'ny tetikasa dia ny 31 Martsa 2021.

Ity famatsiam-bola ity dia natao hamatsiana ny Tetibolam-panjakana taona 2020, ampahany ihany izy ity fa mbola hisy ny avy amin'ny BAD.

Alohan'ny hanaovana famoaham-bola dia misy fepetra maromaro takian'ny Mpamatsy Vola hotratrarina ankoatry ny "procédure de mise en vigueur".

Ireto avy ireo fepetra takiana:

- Fanamorana ny fampindramam-bola ny PME;
- Fanomezana "branches" mora ho an'ny mponina marefo (population vulnérable); misy fepetra hapetraky ny JIRAMA ka izay mahafeno izany no hahazo;
- Fangaraharan'ny trosa: ny vola indramin'ny orinasa dia ampahafantarina ny Minisiteran'ny Fitantanam-bola amin'ny alalan'ny tranonkala ary mbola hohatsaraina kokoa izany fampahafantarana izany.

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fametraham-panontaniana ny mpivory ka toy izao izany:

- 1- Misy fepetra hafa takiana ankoatr'ireo efa voalaza ireo ve?
- 2- Miantefa mivantana any amin'ny JIRAMA ve ny ampahany amin'ireo vola ireo?
- 3- Ampahafirin'ny Vola miditra (recettes fiscales) io vola indramina io ?

Ireo valim-panontaniana nomen'ny teknisiana:

- 1- Efa niroso tamin'ny fanatanterahana ireo fepetra takiana ny JIRAMA fa mbola misy tsy vita hatramin'ny farany. Ny "branches" mora no efa natomboka fa mbola manao ny "politique de raccordement" ry zareo, izany hoe misy dingana hirosoana tsikelikely;
- 2- Mankany amin'ny Tetibolam-panjakana ireo vola ireo hanatsarana ny sehatry ny Angovo fa tsy omena mivantana ny JIRAMA;
- 3- Tsy mbola azo an-tsaina hoe firy isan-jaton'ny vola miditra ity vola indramina ity fa efa manao ezaka mafy ny fitondram-panjakana hampiakarana ny vola miditra amin'ny alalan'ny fanatsarana ny hetra sy ny faditseranana.

Taorian'izany dia niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Araka ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia naato 30 minitra ny fivoriana noho ny tsy fahatratrarana ny fetrisa ahazoana manapakevitra.

Taorian'izay dia nankatoavin'ny Vaomiera ny volavolan-dalàna laharana faha-015/2020 tamin'ny 15 Oktobra 2020 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Programme d'Appui des politiques de développement pour la riposte à la pandémie de Covid-19 à Madagascar, conclu le 08 septembre 2020 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale pour le Développement (IDA)» ka hoentina eo anivon'ny Fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 12 ora sy 50 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Nisaotra ny Mpampakateny tamin'ny tatitra nataony, Ramatoa Filoha, taorian'izay ary nilaza fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana mikasika izany ny mpivory.

Tsy nisy nanao fanamarihana na fanitsiana momba izany ny Solombavambahoaka.

Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola no nitondra fanamarihana toy izao: ao amin'ny pejy faharoa, manao hoe: nambaran'ny teknisiana Tahaka izao no tokony hamakiana ny fehezan-teny manaraka eo: ny "commission d'engagement, isan-taona dia 0,50% amin'ny vola tsy mbola noraisina ary ny "commission de service" kosa 0,75% isan-taona amin'ny vola voaray.

Misy fanitsiana kely satria efa ao anatin'ny Tetibolam-panjakana amin'ity taona 2020 ity izy io. Izany hoe, mifampitohy ny zavatra teo sy ity findramam-bola ity satria mbola misy ny ady amin'ny "Covid-19" hatramin'izao. Fantatra araka ny efa nadaniana ny Tetibolam-panjakana, taona 2021 teo iny, fa hisy fantiantoka lehibe hihatra amintsika. Mba hiatrehana an'izany, tsy maintsy manao an'izao fandaminana izao isika miaraka amin'ny Banky Iraisam-pirenena. Ampahany amin'ny Tetibolam-panjakana, taona 2020 izy ity, fa mbola hisy fanampiny avy amin'ny BAD sy ny AFD. Tsara ny anampiana an'izay satria mifameno izy ireo sady samy "appui budgétaire" avokoa.

Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola hatrany no nitondra ny famelabelarana ankapobeny mikasika ny volavolan-dalàna. Toy izao manaraka izao no fizotran'izany: feno ny tatitra teo na somary fohy aza ary heverina fa mitovy amin'ny findramam-bola natao teo aloha ihany izy ity raha ny fijery azy.

Mitovy amin'ny "ratification" teo aloha ihany saingy ao amin'ny "programme d'appui des politiques de développement" no misy azy.

Amafisina hatrany, fa ao anatin'ny ady amin'ny «Covid-19» isika ankehitriny ary amin'ny herin-taona aza mbola mampisalasala, ka tsy maintsy mitohy ny ezaka ataon'ny Governemanta amin'io valan'aretina io.

«Appui budgétaire» izy ity, efa mipetraka eo amin'ny tatitra ny vola hindramina. Mitovy ny fepetra ara-bola anaovana ny findramam-bola. Ao anatin'ny 38 taona no hamerenana ny vola, ka ny 6 taona voalohany tsy andoavana renivola. Ny daty hifaranan'ny tetikasa kosa, amin'ny volana Martsa 2021.

Voninahitra ho antsika no ahazoana fanampiana ao anatin'ny fotoana fohy satria tamin'ny volana Septambra 2020 isika no namarana ny fifanarahana ary efa nilaza ny Banky Iraisam-pirenena hoe: sao tara ianareo mba ahafahana mamoka ny vola.

Eto, tiana ny mitondra fanazavana amin'ny fanontaniana fahatelo tany amin'ny asam-baomiera hoe: ampahafirin'ny vola miditra io vola indramina io.

Ho anareo naharaka ny "cadrage" tamin'ny fanolorana ny Tetibola, taona 2021 teto dia nahita 3 700 Miliara Ariary mahery kely isika, mikasika ny "recettes fiscales" noresahana iny. Raha atao ny fizarana tsotra, mahita any amin'ny 980 000 000 Dolara no "recettes" hampidirintsika amin'ny herin-taona. Amin'ity taona ity kosa, latsak'izay ka raha atao ny fizarana tsotra dia manone 0,07% amin'ny fidiram-bola amin'ny taona 2021. Tsy amin'izao anefa isika no mamerim-bola, fa afaka 6 taona vao mandoa vola ary 38 taona no ameranana azy. Anisan'ny fahatokisana apetraka ireto satria aloa ao anatin'ny taona maro. Izany hoe, maivana izany raha ny "niveau d'endettement"-ntsika no jerena.

Marihana fa efa vita ny fifanarahana tamin'ity taona ity ary tsy misy “plafond d’endettement” na ny famerana ny fitrosana isika hatramin’izao.

Amin’ny taona 2021 kosa raha mizotra tsara ny fifanarahana amin’ny FMI, heverina fa tsy loatra ny resaka “plafond d’endettement” araka ny voalaza teo.

Mikasika ny fangaraharan’ny trosa na ny “transparence de la dette” satria maro ny olona manontany hoe: manao ahoana ny fomba nampiasana ny vola. Marihana fa efa roa herinandro no nampiasa ny tranokala (site web) izahay ato amin’ny Minisitery, mapiseho tabilao milaza ny fandehan’ny vola nampiasaina. Hisoratra ao koa ity vola “75 000 000 USD” ity; hita ao ny sampandraharaha hampiasa ny vola amin’ny maha “appui budgétaire” azy. Fantatra fa ity farany, tsy maintsy miditra ao amin’ny kitapom-bolam-panjakana; tsy misy “spécialisation”, fa fanampiana no hampiasana azy. Hotantanina araka ny fahendrena sy amin’ny fomba mangarahara io vola io.

Nisy nanontany hoe: hiantefa amin’ny olona tokony hiantefany tokoa ve ny zavatra hatao aminy. Raha ny Minisitery iadianay aloha, tsy mijery ny fandania, fa ny Minisitery tsirairay avy no manao izany. Ny anay kosa rehefa tafiditra ao amin’ny kitapom-bolam-panjakana ny vola, ka aorian’ny Filankevitry ny Minisitry dia azon’ny Minisitery tsirairay ampiasaina amin’izay ny vola. Ny mifampiraharaha no anjaranay, fa ny fampiasana azy kosa mety tsy ho vitanay ny fanaovana fanaraha-maso. Marihana fa sarotra ny manao “fléchage de dépenses”; ohatra raha mividy “ambulance” anankiray. «Flécher» amin’ny «Covid-19» ve izay fiara izay sa “ambulance” fotsiny amin’izao satria azo itondrana marary izy ireny. Ny fantatray fotsiny dia miditra ao amin’ny kitapom-bolam-panjakana ny vola “75 000 000 USD”, ka mitohy ny fampiasana azy amin’ity taona 2020 ity sy amin’ny taona 2021 io. Ny «fléchage» izany no mahasarotra azy satria mety hisy zavatra hafa tafiditra amin’ny fampiasam-bola. Tafiditra amin’ny resaka “Covid-19” ve izay sa tsia. Eo mahasarotra azy. Mangataka fiaraha-miasa aminareo satria somary sarotra kely ny fanaovana ny tatitra amin’ny resaka mangarahara izay, noho ny antony voalaza teo hoe mifandray daholo ny fampiasam-bola. Eo anatrehan’izay, “principe” efa napetraka ny “bonne gouvernance” sady ao anatin’ny velirano napetraky ny Filohampirenena ihany koa.

Fisaorana ny Minisitry no nataon-dRamatoa Filoha, taorian’izay ary nanambara ihany koa raha mbola manan-kolazaiana ny Solombavambahoaka.

Rehefa nomena fitenenana, Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, mbola nangataka ny handania azy toy teo aloha ihany no nataony. Izany hoe, hatao ny tsangan-tàhana, hankatoavana azy.

Rehefa izany, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin’ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-015/2020 ny mpivory.

Nomarihany hatrany, fa ahitana andininy miisa roa ity volavolan-dalàna ity. Nohamafisiny koa fa araka ny voalazan’ny andininy faha-158 ao amin’ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, amin’ny fifanarahana iraisam-pirenena toy izao dia tsy azo kitihana ny andininy ao amin’ny volavolan-dalàna fa na laniana na tsipahana na ahemotra ny fandania azy.

Nambarany fa andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 34 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny; tsy nisy nilaza fanemorana.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny ny volavolan-dalàna laharana faha-015/2020 tamin'ny 15 Oktobra 2020 ««autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du Programme d'Appui des politiques de développement pour la riposte à la pandémie de Covid-19 à Madagascar conclu le 08 Septembre 2020 entre la République de Madagascar et l'Association International de Développement (IDA)»».

Rehefa nomena fitenenana, taorian'ny fahalanian'ireo volavolan-dalàna, Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola dia fisaorana sy fankasitrahana ny Solombavambahoaka tamin'ny fahalanian'izy ireo no nataony.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, koa rahampitso Talata 1 Desambra 2020 amin'ny 9 ora, maraina, hisy ny fivorian'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola; amin'ny 3 ora, tolak'andro, ny fivorian'ny Vaomieran'ny Lalàna ary ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana.

Niato tamin'ny 6 ora sy 25 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona